# MOFONAINA 09 OKTOBRA 2024 – KOLOSIANA 1:1-8

## Mofonaina 09 Oktobra 2024 –

**Kolosiana 1:1-8**

---

## 1. KRISTY LOHARANON’NY FIHAVAOZANA

**Kol 1:1-2**

Paoly mpanenjika Kristianina no tonga Apostolin’i Kristy. Kolosianina jentilisa mpanompo sampy no tonga olona masina sy mahatojy ao amin’i Kristy.

**FMHRN**
Ny lalana taloha ihany no izorana.
Ny fanao hatrizay notohizana.

**ANTSO**
Mba hiverina sy iorina tsara ao amin’i Kristy anie ny fiainanao ka hihavao tokoa ianao.

---

## 2. NY FILAZANTSARA NO HERY MANAVAO

**Kol 1:3-6**

Tsy vaovao mahafaly fotsiny fa hafatra mitondra fihavaozana mahafaly. Hafatra manavao mitondra fifaliana.

**FMPHRN**
Vontosy Filazantsara ny Nosy Madagasikara, Filazantsara manova

ny tantara.

**ANTSO**
Ho faly isika raha mahita fiovana eo amin'ny ankohonana sy ny fiaraha-monina vokatry ny filazantsara notorina.
Mba ho hafatra mitondra fihavaozana anie ny filazantsara torintsika Fiangonana.

---

## 3. NY FANANANA FINOANA SY FITIAVANA ARY FANANTENANA NO FAMANTARANA NY FIHAVAOZANA

**Kol 1:4-5**

Araka ny I Korintiana 13:13 dia ireo no mitoetra.

**FMPHRN**
Eto isika O.K (Ondry Kely katrakatraka), Mivoaka eto isika K.O (Karazana Osy).

**ANTSO**
Mba ho hita eo amintsika ny finoana sy ny fitiavana ary ny fanantenana: ho fantatra fa mpino mihavao isika.

---

## 4. EPAFRA: Vavolombelon'ny Fihavaozana

**Kol 1:7-8**

Epafra, jentilisa nandray ny filazantsara, mpitory ary mpanompo, namana, mahatoky.

**FMPHRN**
Misy mpino nanao dingan-dava teo amin'ny fihavaozana.
Misy mandeha miadana toy ny sokatra.

Misy tafahitsoka ao amin'ny Adama ela.

**ANTSO**
Mba ho tsapan'ny mpiara-belona aminao fa vavolombelon'ny fihavaozana ianao: mpanompon'Andriamanitra, namana mahatoky. Mila izany ny fiaraha-monina.

---

## FEHINY

- Kristy no loharanon'ny fihavaozana.
- Ny Filazantsara no hery manavao.
- Ny Finoana, ny Fanantenana, ary ny Fitiavana no famantarana ny fihavaozana.
- Ianao no Epafra vavolombelon'ny fihavaozana.